


**Jean Paul Randrianiaina**

Mazana tokoa ny fanambaran-dry zareo namana mpanao gazety ao amin'ilay fandaharana *« Anao ny fitenenana »*
ao amin'ny radio Free Fm 104.2, nanizingizina ho re tany ho ren-danitra fa
*" voatery nitsoaka sy miafina I Jean Paul Randrianiaina amin'izao fotoana izao. Tokony aka vola aty Antananarivo izy kanefa dia tsy afaka. Mampalehelo be ny vady aman-janany, ka dia anao levée de fonds isika hanampiana azy ireo. Tsy maninona na 500, na 5.000 na 1 millions"*
.

Ireo ara-bakiteny no re androany maraina asabotsy faha-25 februoary 2012, teo alohan'ny famerenana ny valan-dresaka farany nataon'i Big Max tamin'ny volana desambra 2011. Ary dia maro ihany ireo mpihaino lasa vivany… Nefa tao koa ny heno ny afatr'i Big Max mikasika ny *"ét hique journalistique"*
, anisan'izany ny
*"recoupements"*
, alohan'ny hamoahana vaovao. Ka asa...

Ren'ny tompon'andraikim-panjakana koa izany fanambarana toa tsy voaporofo mazava izany, fa mbola mipetraka amin'ilay hoe *"famakafana mbola tsy diso mihitsy"*, ka dia io ambany io ny valiny, tsy asiana resa-be eto. Eny na dia malalaka tokoa ny fitenenana
eto Madagasikara amin'izao vaninandro izao, tsy araka ny aelin'ny sasany any amin'ny

*“kilomètres je m’en fous”*
any.

**Jeannot Ramambazafy – 25 Febroary 2012**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
PRESIDENCE DE LA HAUTE AUTORITE DE LA TRANSITION

# FAMPITAM – BAOVAO IARAHANA

## Raharaha Randrianiaina Jean Paul

Ny Talen'ny Sampandraharaha misahana ny fiarovana ny tany (*Direction de la Sécurité du Territoire*) na DST eo anivon'ny Fiadidiana ny Tetezamita dia manambara mazava sy hentitra fa tsy niantso, tsy mitady ary tsy mihevitra akory ny hanadihady an'Atoa Randrianiaina Jean Paul, noho ny tsy fisian'ny fitoriana na fanokafana famotorana ara – pitsarana mikasika azy.

Ny Ministry ny Serasera ihany koa dia manambara mazava sy hentitra fa tsy nametraka velively fitoriana ara – pitsarana an'Atoa Randrianiaina Jean Paul.

Noho izany, ny filazana, amin'ny alàlan'ny haino aman – jery, fa " ***voatery miafina Atoa Randriainiana Jean Paul satria anaovan'ny DST fikarohana ho fisamborana*** " dia famoahana vaovao tsy marina izay mety hanakorontana ny saim – bahoaka.

Ankoatra izay, ny fiantsoana olona, avy amin'ny alàlan'ny haino aman – jery hatrany, " ***hanome izay foiny ho fanampiana ny vady aman – janak'Atoa Randrianiaina Jean Paul izay any am – piefenana*** " dia miendrika fitarihana ny fo sy ny sain'ny vahoaka hisavoritaka avy amin'ny alàlan'ny famoahana vaovao tsy marina.

Raha tena miafina marina tokoa Atoa Randrianiaina Jean Paul, dia andraikiny samirery izany noho ny antony manokana azy irery ihany, izay tsy misy idiran'ny Fanjakana velively.

Ampahatsiahivina hatrany ny rehetra fa ny famoahana vaovao tsy marina, avy amin'ny alàlan'ny gazety na haino aman – jery ka mety hanakorontana ny saim – bahoaka, dia faizin'ny Lalàna velona sy manan – kery eto amin'ny tany sy ny Fanjakana.

*Antananarivo, faha 25 Febroary 2012*

**Ny Talen'ny DST,**

**Kaomisera Nakany Charly**

**Ny Ministry ny Serasera,**

**Rabajason Harry Laurent**

[illegible]